



USAID
FROM THE AMERICAN PEOPLE



Thriving & Sustainable Investments for land Restoration & economic Opportunity (TSIRO) Alliance

Noho ny fahaverezan'ny 75% mahery n'ny ala, sy ny maha iray amin'ireo firenena manana taha ambony indrindra amin'ny fahantrana sy ny tsy fanjarian-tsakafon-jaza tsy ampy taona eran'izao tontolo izao azy, dia mitohy mihasiimba hatrany ny fahasalaman'ny olombelona sy ny tontolo iainana eto Madagasikara. Na eo aza ny fanamby maro, dia betsaka ny tombony amin'ny fambolena sy ny fampandrosoana orinasa madinika ao amin'ny seha-pihariana kakao sy zava-manitra fahandro; kanefa noho ny tsy fahampian'ny fandaminana, ny fanabeazana ary ny fanofanana dia voafetra hatrany ny fandraisana anjaran'ny mpandraharaha. Ambonin'izany, i Madagasikara dia mamokatra Kakao miavaka amin'ny tsirony tsy misy toa azy, izay latsaky ny 0,1% amin'ny famokarana manerantany. Miaraka amin'ny fitomboan'ny soa fanarotra eo amin'ny tsena sy ny fitomboan'ny tinadin'ny kakao sy ny zava-manitra fahandro, dia betsaka ny ahafahana manitarana ny famokarana maharitra ny kakao sy ny zava-manitra avo lenta. Ny CRS sy ny mpiara-miasa aminy, Fine Chocolate Industry Association (FCIA), Chocolate Madecasse-Beyond Good (M-BG), Sahanala, Chocolate Guittard, Akesson Organics ary Cacao Preservation Fund (HCP) dia manolotra fampiasam-bola iombonana 5 taona miaraka amin'ny USAID hametraka tetikasa mifototra amin'ny fampandrosoana ny kakao sy ny rojo famatsiana zava-manitra fahandro hitehirizana ny harena voajanahary ary hanatsara ny fiveloman'ny tantsaha sy ny vondrom-piarahamonin'izy ireo.

TANJONA



MIKAJY NY TONTOLON'NY HARENA VOAJANAHARY

Ady amin'ny antony ara-boajanahary sy ny asan'olombelona mahatonga loza ho an'ny tontolo iainana izay efa marefo eto Madagasikara, sady mandray anjara amin'ny fanatsarana ny fahasalamana sy ny fampianarana.



MANATSARA NY DIKAN'NY FIVELOMAN'NY 2000 MPAMBOLY SY NY VONDRON'IZY IREO

Fanatsarana ny rafi-pamokarana ara-pambolena, fampiroboroboana ny rojo famatsiana maharitra mikasika ny kakao sy ny zava-manitra, ahazoana fidiram-bola maharitra sady maro karazana ho an'ny mpamboly madinika sy ny ankohonany.

NY FARITRA KENDRENA

FARITR'I COMATSA

Ny lalantsaran'ny ala ao Tsaratanana (COMESA) dia faritra ekolojika marefo nefa manana ny maha izy azy, izay hita ao avaratra-atsinanan'i Madagasikara. Karazana zava-maniry, vorona, biby mampinono, bibilava, ny sahona, ny trondro, ny lolo mivoaka amin'ny alina manodidina ny 36 no tafiditra ao ainin'ny lisitry ny zavatra ahiana ho ringana voarakitra ao amin'ny UICN.



FARITR'I COFAV

Ny lalantsaran'ny ala ao Fandriana-Vondrozo (COFAV), dia faritra ekolojika marefo nefa manana ny maha izy azy, izay hita ao atsimo-atsinanan'i Madagasikara. Karazana zava-maniry, vorona, biby mampinono, bibilava, ny sahona, ny trondro, ny lolo mivoaka amin'ny alina manodidina ny 150 no tafiditra ao aminin'ny lisitry ny zavatra ahiana ho ringana voarakitra ao amin'ny UICN.



USAID
FROM THE AMERICAN PEOPLE



TETIKADY STRATEJIKA HO ANY 2025



TETIKADY STRATEJIKA 1



Ny mpamboly nokendrena dia mampiasa fomba fampivadiana ny fambolena sy ny voly hazo, sy ny fambolena nohatsaraina maharitra amin'ny fambolena kakao sy zava-manitra fahandro, mba hiarovana sy hampivelarana ny faritry ny harena voajanahary (Mampihena ny tsindry eo amin'ny tontolo iainana, indrindra ny faritra arovana)

TETIKADY STRATEJIKA 2



Ny mpamboly nokendrena dia manatsara ny fahaizamanao eo amin'ny fitantanana ara-bola sy fandaminana mikasika ny fiaraha-mihetsika sy fidirana antsehatra amin'ny rojo-pihariana.



Ny fikambanan'ny mpamboly dia hanatsara ny fahaizamanao eo amin'ny fitantanana ara-bola sy fandaminana mikasika ny fiaraha-mihetsika sy fidirana antsehatra amin'ny rojo-pihariana.

TETIKADY STRATEJIKA 3



Ny mpamboly nokoendrena, lahy sy vavy, sy ny ankohonany dia manana fidiram-bola maro karazana sad yampy, noho ny fitomboan'ny fambolena sy ny varotra Kakao sy zava-manitra fahandro, mba anohanana ny fanabeazana, ny fahasalamana, ny herinaratra azo havaozina, ary ny filana hafa (toy ny tsy fisian'ny fanao manimba)

TETIKADY STRATEJIKA 4



Fampitomboana ny fanentanana ny sehatra tsy miankina (chocolat sy zava-manitra fihinana) mikasika ny tombontsoan'ny tontolo iainana sy ny harena voa-janahary vokatry ny famokarana sy fivarotana tomponandraikitra amin'ny sehatry ny kakao sy ny zava-manitra fahandro



Fampitomboana ny fidiran'ny mpanjifa antsehatra eo amin'ny fanentanana sy fanabeazana.

NY MPIARA MIASA



USAID
FROM THE AMERICAN PEOPLE



Fine Chocolate Industry Association



HEIRLOOM CACAO
PRESERVATION

